# MILA BOKY AMIN'NY TENIN-DRAZANY NY ANKIZY

Efa voaporofo ara-tsiansa fa tena zava-dehibe ho an'ny ankizy kely ilay atao hoe tenin-dreny na hoe tenin-drazana.

Tsy vitan'ny hoe manamafy ny fifandraisana ara-pianakaviana sy ara-kolontsaina fotsiny izy io, fa mampiroborobo ny fahatokisan-tena ihany koa, ary zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ara-tsaina mandritry ny fahazazana:

## Ny fifehezana ny tenin-drazana no fototry ny fianarana fiteny vahiny hafa.

Maro ny sehatra iainan'ny ankizy io fiteniny voalohany io:

- amin'ny fiteny andavanandro miaraka amin'ny fianakaviana sy ny namana ohatra.
- amin'ny alalan'ny fiaraha-mihira ny hiran'ny ankizy,
- amin'ny alalan'ny fitantarana angano sy tantara samihafa,
- na ihany koa amin'ny alalan'ny famakiana boky.

## Indrisy anefa fa voafetra ny isan'ny bokin'ankizy misy amin'ny teny malagasy!

Kanefa tena zava-dehibe hoan'ny fivoaran-tenan'ny ankizy io fitaovana io: mampiroborobo ny fivoaran'ny fomba-fiteny sy ny fahaizana mamaky teny ny famakiana bokin'ankizy! Mbola mihoatra lavitra an'izany aza:

- manatsara ny fifandraisana amin'ilay olona namaky.
- mampitombo ny fanajana sy ny fankasitrahana ny kolontsainantsika.
- manohana ny fampitana-fahaizana amin'ny taranaka mandimby.

## Ka andao isiky hanampy arak'izay azontsika atao mba hampitombo ny isan'ny ankizy malagasy ho afaka hamaky tantara amin'ny fitenin-drazany!

## Misaotra anao!

## Fantantrao ve ny valiny?

Firy eo ho eo hoy ianao no isan'ny karazam-biby manjavona isan'andro manerana ny tany?

1. 10
2. 70
3. 150

Iza amin'ireto biby ireto no heverinao fa tena nisy teto Madagasikara?

1. Ilay hipopotama nantsoina hoe ‚Kilopilopitsofy'
2. Ilay karazana rajako natao hoe, Babakoto
3. Ilay dinôzôro nantsoina hoe ‚Dahalokely'

Firy amin'ireo karazana tanalahy 150 fantatra eran-tany hoy ianao no tsy hita afa-tsy eto Madagasikara?

1. tsy mihoatra ny 10
2. ny atsasany (75) eo ho eo
3. izy rehetra (150)

Fantatrao ve hoe ampahafirin'ny Madagasikara no feno ala taloha?

1. tsy mihoatra ny 10%
2. teo amin'ny atsasany teo ho eo
3. Madagasikara iray manontolo dia ala fotsiny taloha

Nahoana ary hoy ianao ilay vorombe no antsoina ihany koa hoe "**vorona elefanta**" any amin'ny firenena sasany?

____________________________________________________________

____________________________________________________________

____________________________________________________________

____________________________________________________________

____________________________________________________________

____________________________________________________________

## Madagasikara sy ireo karazam-bibiny lany tamingana

Malaza amin'ny fisian'ny zava-manana aina maro samy hafa i Madagasikara. Eo amin'ny 90% ny zavamaniry sy biby miaina eto dia tsy hita afa-tsy eto Madagasikara, anisan'izany ny karazam-biby mahavariana toy ilay tanalahy kely indrindra eran-tany, ilay lemurien aye-aye na ilay sokina mitsipika mavo sy mainty.

Dia mba ho nanao ahoana re ny fiainana eto amin'ity nosy ity raha toa ka hoe mbola nisy vorona elefanta mirefy telo metatra, na hipopotama sy Rajako goavambe mipetraka eto ankehitriny?

Tsy fantatsika ny valin-tenin'io fanontaniana io satria efa lany tamingana avokoa izy ireo ka amin'ny alàlan'ny fikarohana fôsily fotsiny sisa no mba afahantsika manaporofo ny fisiana sy ny endrik'izy ireo fahiny.

## Nahoana ary no lany tamingana ohatr'izany ny zava-miaina?

Nahoana kay no lany tamingana ireo zavaboahary ireo, kanefa sady lehibe kokoa no matanjaka be kokoa noho isika olombelona? Mbola tsy voavaly tsara io fanontaniana io hatramin'izao, saingy heverina fa misy anton-javatra maro mety nahatonga izany:

1. Isika Olombelona
2. Ny fiovan'ny toetrandro
3. Ny fahapotehan'ny toeram-ponenany noho ny loza voajanahary (ohatra ny dinôzôro)
4. Aretina samihafa
5. Ny fitambaran'ny anton-javatra isan-karazany

## Ny faharinganan'ny zavaboahary sy ny fiovan'ny toetrandro

Maro no miresaka momba ny fiovaovan'ny toetrandro, kanefa zara raha misy olona miresaka momba ny faharinganan'ny zavaboahary. Fa nahoana kay?

Ny fiovaovan'ny toetrandro dia zavatra tsapantsika tsirairay aby. Ny fahafatesan' ny karazam-biby samihafa kosa dia matetika mitranga tsy voamariky ny olombelona. Io fiovan'ny toetrandro io anefa dia anisan'ny tena antony mivantana amin'ny faharinganan'ny zavaboahary.

Amin'izao fotoana izao isika dia eo am-piandohan'ny fandripahana faobe faha-enina (ny faha-dimy dia ny nampanjavona ny dinôzôro). Mifanohitra amin'ny fahiny kosa anefa ny zava-mitranga amin'izao fotoana izao: satria ny olombelona amin'izao no tena antony voalohany, miteraka fiovana haingana kokoa sy bebe kokoa (taloha ny fiovana nisy voajanahary ary niseho miadana kokoa).

Noho izany dia misy ny zavaboahary tsy maharaka an'ireo fiovana haingana be ireo na tsy afaka mifanaraka amin'ny toe-javatra vaovao intsony, izay miafara amin'ny fahafatesany.

## Ratsy ve moa raha misy karazam-biby lany tamingana?

Eny. Ny zava-manana aina rehetra, na lehibe toy ny trozona na bitika mitady tsy ho hita maso, dia zava-dehibe ho an'ny tontolo iainany. Raha misy manjavona ny karazam-biby iray dia ny karazany hafa tavela no tsy maintsy misy mandray ny adidiny.

Mety mbola tsy hiteraka olana aloha izany amin'ny voalohany.Raha sendra misy karazany maro kosa anefa no maty ao anatin'ny fotoana fohy, dia atahorana ho tsy voalanja intsony ny rafitra manontolo.

Ary mety hampidi-doza ho antsika olombelona ihany koa anefa izany: raha misy ohatra biby mampita aretina mahafaty, izay lasa tsy manana fahavalo intsony ka afaka miteraka sy miparitaka tsy misy hiafarany, dia tsy ho afaka hanohitra izany intsony isika olombelona.

Ny hanina hoanintsika ihany koa dia miankina be amin’ny fisian'ny bibikely isan-karazany: ny 1/3 ny vokatra maneran-tany ohatra dia miankina amin’ny biby daholo, ary 40%ny olombelona dia mivelona amin’ny trondro na hazan-dranomasina, izay miankina amin’ny tontolo iainany ao anaty rano indray ihany koa.

Ankehitriny dia eo amin'ny iray tapitrisa eo ho eo farafahakeliny no isan' ny karazam-biby sy zava-maniry atahorana ho lany tamingana ato ho ato.
Tsy mba ho fantatsika mazava anefa ny fiantraikan'ny fanjavonan'ny karazana maro ohatr'izany raha tsy efa hoe nitranga mihitsy angamba ka ho tara loatra raha izay vao hanomboka hieritreritra.

Tsy tokony ho avelantsika olombelona ho tonga amin’izany ny fiainantsika!

## NY VOROMBE

Tao anatin'ilay boky "Nana, Fofo ary iza ihany koa" ianareo dia nifankafantatra tamin'i Belelo, izay zanaka vorombe mbola tanora. Raha ny tena marina indrisy dia tsy misy vorombe intsony eto an-tany. Ao anatin'ny tantarantsika kosa anefa izy dia mbola velona satria afaka niafina tsara tao anatin'ilay lava-bato tao.

Faritra maro teto Madagasikara no nahitana taolam-paty sy akoran-atodin'ilay vorombe. Indrindra fa tany atsimo sy atsimo andrefana no nety nisy vondrona lehibebe niaina taloha. Nisy ambin-taolana hita ihany koa anefa tany amin'ny faritra manodidina an'Antsirabe sy tany amin'ny faritra avaratra tany.

Karazany roa samihafa no hita teto Madagasikara. Ilay karazany iray atao hoe "Aepyornis"dia anisan'ny vorona lehibe indrindra niaina teto an-tany hatramin'izay, izay nilanja hatramin'ny 800kg ary nahatratra 3m ny haavony.

Ny vorombe dia tsy afaka nanidina ary nitovitovy endrika tamin'ny aotirisy ankehitriny: lava be ny ranjony sy ny tendany. Ny elany sy ny lohany kosa anefa dia kely kokoa.

Ny atodiny no tena nahagaga fa na ny akorany fotsiny aza dia efa nilanja 1,2kg ka hatramin'ny 3,3kg. Ny atody iray monontolo dia teo amin'ny 9,3kg teo ho ao *(mitovy lanja amin'ny atody akoho 155 raha ampitahaina).*

Tsy fantatra tsara intsony izay tena fihinan'ireo vorombe fahiny, fa inoana ankehitriny fa hoe voankazo samihafa, tapa-kazo, kirihitra ary ahitra angamba no sakafony.

## Valin-teny ny fanontaniana!

Firy eo ho eo hoy ianao no isan'ny karazam-biby manjavona isan'andro manerana ny tany?
**Valiny:** 3) karazam-biby **150** no manjavona isan'andro.

Iza amin'ireto biby ireto no heverinao fa tena nisy teto Madagasikara?
**Valiny:** samy nisy teto Madagasikara **avokoa** ireo biby telo ireo!
*(iza amintsika anefa no te-hihaona amin'ilay dinôzôro dahalokely?)*

Firy amin'ireo karazana tanalahy 150 fantatra eran-tany hoy ianao no tsy hita afa-tsy eto Madagasikara?
**Valiny:**2) ny antsasany **(75)** eo ho eo.
*(fa mbola misy karazany vaovao hita foana ihany koa)*

Fantatrao ve hoe ampahafiry ny Madagasikara no feno ala taloha?
**Valiny:** 3) Madagasikara **iray manontolo** dia ala daholo taloha.
*(Anio kosa anefa dia eo amin'ny 20% eo ho eo sisa no mbola misy ala)*

Nahoana ary hoy ianao ilay vorombe no antsoina ihany koa hoe "**vorona elefanta**" any amin'ny firenena sasany?
**Valiny:**araky ny angano heno momba an'izany dia misy no niteny hoe vorona ngenza be mitovy amin'ny Elefanta hono izy iny. Misy ihany koa anefa no nilaza fa mpihinana Elefanta hono izy ireny!

**Loharano**:


- https://utopia.de/ratgeber/artensterben-fuer-die-menschheit-so-gefaehrlich-ist-wie-klimawandel/
- https://www.greenpeace.de/engagieren/kids/biodiversitaet-kinder-erklaert
- https://de.wikipedia.org/wiki/Elefantenv%C3%B6gel
- https://www.scinexx.de/news/biowissen/madagaskars-artenvielfalt-erholt-sich-erst-in-jahrmillionen/
- https://www.madamagazine.com/das-riesenfaultier/
- https://netzwerk-kryptozoologie.de/das-kilopilopitsofy-von-madagaskar/
- https://www.wwf.ch/de/wo-wir-arbeiten/madagaskar-paradies-der-artenvielfalt
- https://www.archaeologie-online.de/nachrichten/mensch-und-klima-verursachten-in-madagaskar-massen-aussterben-4797/
- https://www.madamagazine.com/elefantenvoegel/
- Extinct Madagascar, Goodman and Jungers, The University of Chiacago Press